Foibem-pirenena momba ny Fikarohana Ampiharina amin'ny Fampandrosoana ny Ambanivohitra

Toromarika atolotry ny Fikarohana

# Ny fambolena « hazo Varongy » ho fanatsarana ny ala hanoloana ny notrandrahana




*« Varongy fotsy » (Ocotea racemosa) 9 taona, nambolena tao Ranomafana-Ifanadiana*

*FOFIFA DRFP - 2004*

## Ny Varongy sy ny fampiasana ny hazony

Maro karazana ny Varongy ary hita amin'ny faritra afovoany sy atsinanana rehetra manomboka any Taolagnaro ka hatrany Antsiranana.




Mety ary tsara ampiasaina indrindra amin'ny rafitra varavarana isan-karazany, fanaovan-tsarety sy lelan-gorodona ny hazo Varongy.

Iray amin'ireo hazo tadiavina indrindra amin'ny ala voafaritra ho azo trandrahana ny karazan-kazo varongy rehetra.

Ireto avy ny karazana Varongy amin'ny anarany iantsoantsika azy ka ny lokon'ny hazony no fototra nanomezana ireny anarana ireny :

- **Varongy fotsy**,
- **Varongy mavo** na **Varongy tain-jaza,**
- **Varongy mainty** manana hazo misy « lalan-drà » tsara tarehy, manopy mainty ity karazany ity.

Antonontonony ary tsy dia haingana loatra ny fanirin'ny Varongy an'ala.

Azo trandrahana ny Varongy manomboka amin'ny faha 50 taonany raha maniry amin'ny toerana tiany ary tsy voahelingelina ny fitombony.

## Toetry ny Varongy an'ala

| | | |
|---|---|---|
| Fotoam-pamoazanan'ny Varongy | : | Jolay, Aogositra, Septambra |
| Fotoam-pahamasahan'ny voany | : | Janoary, febroary, martsa |

## Ny famokarana zana-barongy hambolena

### *Fikojakojana ny voany voaoty*

Voany masaka mianjera amin'ny tany na masaka ifotony no angonina. Avy eo dia afafy amin'izao na esorina ny nofony sy ny hodiny aloha vao afafy. Voamarina fa mitovy ihany ny isan'ny zana-kazo mety hambolena amin'ireo fomba roa ireo. Marihina fa ny mety dia ny manao ny famafazana araka izay haingana indrindra. Izany hoe raha vao vantany voaoty ny voany dia afafy amin'ny herinandro manaraka io fiotazana io ny voam-barongy. Hatramin'ny herintaona anefa no azo itehirizana ny voany. Somary mihena amin'izay ny isan'ny voa mitsiry.

### *Famafazana*

Tsy alentika lalina ny voam-barongy rehefa afafy amin’ny tanin-janakazo. Tatatra kely soritana amin’ny hazo mitovy habe amin’ny ankihibe no amboarina milahatra mahitsy. Alahatra amin’izay ny voa ka elanelanina mitovy amin’ny haben’ny iray. Totofana somary avoavo, fasika sy tany mainty amin’izay. Tsindriana hazo mahitsy mba tsy hitsingevana raha tratry ny herin’ny ny rano fanondrahana na ny orana.

### *Ny fitsirin’ny voam-barongy*

Herinandro aorian’ny famafazana azy dia tokony hitsiry tsikelikely ny voa nafafy araka io fomba mety io. Maro ihany koa anefa ireo zana-barongy mitsiry any anaty ala saingy vitsy no mitombo hatramin’ny farany. Azo atao tsara ny mampiasa ireny ka haketsa toy ireo nafafy an-tanin-janakazo.

### *Eo am-panetsana ny zana-barongy*

- Fenoina tany (35%) miaro fasika (65%) ny « tioba » vita plastika na tamin’ny ratin’akondro mirefy 15 sm ny savaivony ary 20 sm ny halavany. Ampifangaroina tsara ireo vao fenoina ny tioba tsirairay.
- Fidiana ny zana-kazo matankaja efa manana ravina miisa 4 ka aketsa ao anatin’ireo tioba ireo. Kendrena tsara tsy hiforitra na haratra ny fakany mbola marefo.
- Ny maraina alohan’ny fisandratan’ny andro no fotoana tsara indrindra mahamety ny fanetsana mba tsy ho tratry ny rivotra be loatra ny fakan-janakazo.
- Alahatra ny tioba ary asiana aro-masoandro eo amin’ny antsasa-metatra eo ho eo ny haavony. Tondrahana isa-maraina mandra-pamboly azy ary amin’ny fotoana tsy isian’ny orana na ranon’erika.

### *Faharetan’ny fitaizana an-tanin-janakazo*

Mety haharitra  8 ka hatramin’ny 12 volana ny faharetan’ny fitaizana an-tanin-janakazo ho an’ny Varongy. Tokony hahatratra 20 sm farafahakeliny ny zana-barongy vao alefa amin’ny fambolena an’ala.

## Fambolena ny zana-barongy

### *Rehefa hamboly*

Manao lavaka 40 sm amin’ny lavany, sakany sy halaliny ny hamboly. Elanelanina 3 metatra ireo lavaka ireo raha tany efa kotra ka mangadihady tsy misy afatsy bozaka no hasiana ny alam-barongy. Raha anaty ala hatsaraina kosa no iasàna dia mielenelana 5 metatra ny lavaka hambolena ny varongy.

Fenoina tany lonaka ireo lavaka ireo ary efa omanina eo akaikiny ny fako ho rakotra hitana hamandoana sy hiaro ny fahamainana haingana loatra.

### *Mandritry ny fitaterana ny zana-barongy*

Atao ny fomba rehetra mba tsy hampahalazo ny zana-kazo amin'ny fotoana itaterana azy mankany amin'ny tany fambolena. Reraka ny zana-kazo miaritra rivotra sy hainandro eny am-pitaterana ary mihintsana ny raviny.

### *Fambolena*

Amin'ny fotoana « avy orana » no mety indrindra hambolena ny varongy. Mando tsara ny tany anaty lavaka amin'izay.

- Esorina avy eo afovoan'ny lavaka ny tany mitovy hadiry amin'ny tioba misy ny zana-kazo hambolena (1 na roa tanana eo io tany io).
- Somary fenjaina ny tioba nisy ny zana-kazo ary esorina moramora.
- Arotsaka ao anatin'ilay lavaka voalaza etsy ambony ary fenjaina tsara indray mandeha hampiala ny rivotra. Tsindriana mafy amin'izay.
- Totofana manodidina ireo fakofako efa nomanina fony namboatra ny lava-janakazo amin'izay ny manodidina ny fotony.

### *Dia ahoana ny manaraka ?*

Mila hain'andro voalanjalanja tsara ny **Varongy** raha tiana hitombo haingana sy tsara. Any anaty ala velona dia anesorana miandalana ny aloka vokatr'ireo hazo manodidina hampitomboana io hazavana ilaina io.



**Auteurs :**

- **Rakotovao Georges** (*)
- **Rabevohitra Raymond** (*)

(*) Chercheurs au Département de Recherches Forestières et Piscicoles (FOFIFA/DRFP)